

Adventist Family Ministries

BOKY TARI-DALANA **2021**

# Miaina ny Vokatry ny Fitiavana

NATAON'I WILLIE SY ELAINE OLIVER

HERINANDRO FIARAHA-MIVAVAKA IARAHAN'NY MPIANAKAVY, 5 - 11 SEPTAMBRA 2021



# Miaina ny Vokatry ny Fitiavana

*"Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononam-po; tsy misy lalàna manohitra izany."*
Galatiana 5:22, 23

Ny voankazo dia manana endrika, habe, firafitra ary tsiro samihafa. Ireo tantsaha maneran-tany dia manao ezaka lehibe mamboly sy mamokatra voankazo izay hikasika ny lelantsika ary hanome fahafaham-po ny retsipandren'ny tsiro ao amintsika. Ny voankazo sasany dia boribory toy ny voasary na ny manga. Ny sasany manjavozavo toy ny paiso sy kiwi. Ny sasany lehibe toy ny papay sy ny voajabo (pastèque). Ary ny sasany dia marikivy toy ny canneberge na mamy toy ny manga. Tsy asa mora ny mamokatra voankazo. Betsaka amintsika no mandeha eny amin'ny toeram-pivarotana enta-madinika na eny an-tsena ary mividy izay voankazo tiantsika amin'ny vidiny mirary. Na izany aza, ny tantsaha dia manana ny lahasa sarotra amin'ny fambolena, ny fanolokoloana ary ny fikarakarana ny voankazo izay azontsika ankafizina.

Ny Baiboly dia miresaka karazana voankazo hafa izay tsy vidiana eny an-tsena na ambolena any an-tanimboly na amin'ny toeram-pambolena. Ao amin'ny bokin'ny Galatiana, ny Apôstôly Paoly dia mampiasa voankazo hanehoana izay hitranga amintsika rehefa misafidy ny ho feno ny Fanahin'i Jesosy isika. Ny vokatry ny Fanahy – fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, ary fahononam-po dia toetra tsara ambolena rehefa feno ny Fanahin'i Jesosy ao am-pontsika. Vokatry ny fananana fifandraisana amin'i Jesosy sy famelana ny Fanahiny hikoriana ao anatintsika sy amin'ny alalantsika izany. Manantena isika fa ny hazo paoma dia hamoa paoma, ary ny hazo voasary dia hamoa voasary. Toy izany koa no mahatonga antsika hanantena fa ny mpianatr'i Kristy dia ho heniky ny Fanahy ary hamoa ny vokatry ny fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, ary fahononam-po.

Mandritra ity Herinandro Fiaraha-mivavaka Iarahan'ny Mpianakavy ity, ny fanirianay dia ny lehilahy manambady sy vehivavy manambady tsirairay, ny ray sy ny reny tsirairay, ny fianakaviana tsirairay ary ny olona rehetra izay tia an'i Jesosy dia hamoa ny vokatry ny Fanahy eo amin'ny fiainany isan'andro. Ity tari-dàlana ity dia noforonina niainga tamin'ny fiheverana ny mpianakavy manontolo. Ny andro tsirairay dia misy fizarana telo: vakiteny, vavaka ary hetsika iray. Amin'ny vakiteny dia hianaranao ny momba ny voankazo iray manokana manerantany ary hianaranao ihany koa ny momba ny vokatry ny Fanahy. Isan'andro dia misy vavaka manasongadina ny vokatry ny Fanahy natao ho amin'izany andro izany. Azon'ny ankohonana hatao ny miaraka manao izany vavaka izany ka mangataka amin'Andriamanitra mba hanolokolo izany vokatra izany io ao am-pony sy ao an-tokantranony mandritra izany andro izany. Misy koa hetsika iarahana izay azonao hatao miaraka amin'ny fianakavianao hanamafisana ny fianarana sy hampadraisana anjara ny mpianakavy manontolo amin'ny fotoam-bavaka.

Mamporisika ny tsirairay avy ao amin'ny fianakaviana izahay mba hitadidy ny Galatiana 5:22, 23 amin'ny alalan'ny famerimberenana izany isan'andro, sady manasongadina ny vokatry ny Fanahy ho amin'iny andro iny. Nanampy hetsika mba hanampiana anao amin'ny fitadidiana ny lahatsoratra izahay, ka amin'ny faran'ny herinandro dia ho voatahiry ao an-dohanao sy ao am-ponao izany lahatsoratra izany. Manantena izahay fa ny mambra ny fianakavianao tsirairay avy dia hamela ny Fanahin'Andriamanitra hamboly ny vokatra avy Aminy ao anatin'izy ireo amin'ny fanondrahana rano, fanesorana ny ahi-dratsy ary famelana malalaka ireo fepetra rehetra ilaina hahatonga izany ho zava-misy marina eo amin'ny fiainan'izy ireo.






Adventist®
Family Ministries
**Willie and Elaine Oliver,** Tale
Fiangonana Advantista Mitandrina
ny Andro Fahafito
Foibe Eran-tany



ALAHADY
**FITIAVANA :**
**ILAY VOKATRA FOTOTRA**



ALATSINAINY
**FIFALIANA :**
**VOKATRY NY FITIAVANA**



TATALA
**FIADANANA :**
**VOKATRY NY FITIAVANA**



ALAROBIA
**FAHARI-PO :**
**VOKATRY NY FITIAVANA**



ALAKAMISY
**FAHAMORAM-PANAHY SY FANAOVAN-TSOA :**
**VOKATRY NY FITIAVANA**



ZOMA
**FAHAMARINANA :**
**VOKATRY NY FITIAVANA**



SABATA
**FAHALEMEM-PANAHY SY FAHONONAM-PO :**
**VOKATRY NY FITIAVANA**



A L A H A D Y

# FITIAVANA :

## ILAY VOKATRA FOTOTRA

*"Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononam-po; tsy misy lalàna manohitra izany."*
Galatiana 5:22, 23

Handeha hianarantsika ny momba ny voankazo iray hita eto amin'izao tontolo izao:

**MANGA**

Ny manga dia mazàna voankazo miendrika toa atody na boribory lavalava manana hoditra mena-mavo mafy. Misy voaniny mafy eo afovoany, ary nofotra mitsiranoka mamy. Ny manga dia iray amin'ireo voankazo malaza indrindra eran'izao tontolo izao, noho ny tsirony toa "crème" kanefa voankazo. Tsy mahagaga raha fantatra amin'ny maha-Mpanjakan'ny voankazo any Inde ny manga, izay ahitana ireo karazana manga mihoatra ny 500. Amin'izao fotoana izao dia afaka mahita manga ianao na aiza na aiza eto amin'izao tontolo izao, kanefa avy any Azia Atsimo, Inde, Amerika Latina ary Karaiba no tena nipoirany.

Ny manga dia tandindon'ny fitiavana any Inde, ary ny sobika iray nasiana manga dia heverina ho fihetsika maneho fisakaizana. Any amin'ny firenena maro any Amerika Latina dia hahita mpivarotra amoron-dalana maro manolotra manga natsatoka amin'ny hazo kely lavalava ianao, ary amin'ny toerana sasany toa an'i Mexico, dia ampian'izy ireo ranom-boasarimakirana sy vovo-tsakay ho fangarony izany.

### *NY VOANKAZO ARA-PANAHY ANIO DIA*

# *FITIAVANA*

Ao amin'ny Galatiana 5:22 sy 23, ny Apostoly Paoly dia manambara manao hoe: "Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia ***fitiavana***, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononam-po; tsy misy lalàna manohitra izany."

Eto i Paoly dia tonga eo amin'ny ivon'ny hafatra nampitaina teo anelanelan'ny andininy 13-26 mikasika ny tena dikan'ny hoe manana fahafahana ao amin'i Jesosy.

Ao amin'ny Galatiana 5:13 dia manambara i Paoly hoe: "Fa efa nantsoina ho amin'ny fahafahana ianareo, ry rahalahy; kanefa aoka tsy ho entinareo hanaraka ny nofo izany fahafahana izany, fa mifampanompoa amin'ny fitiavana." Amin'ny alalan'ireo teny ireo dia asehon'i Paoly fa ny tena fahafahana dia tsy midika hoe manao izay zavatra tiantsika. Fa kosa, miaina fiainana mankatò an'Andriamanitra, maneho ny maha-izy an'Andriamanitra Izay fitiavana.

Ny ilaintsika fantatra fa ***vokatry ny Fanahy*** dia ny faratampon'ny fahasamihafana ambaran'ny Apôstôly Paoly momba ireo izay «Mandeha araka ny Fanahy» (and. 16) sy ireo izay miaina «ny filan'ny nofo "(and. 17). Raha ny tena izy, ny hafatra ampitaina dia hoe raha an'i Jesosy isika dia «ho tia ny namanao tahaka ny tenanao» (and. 14).


Mazava ny Baiboly fa ny fitiavana dia valiny amin'ny fahafenoana ataon'ny tena mpanara-dia an'i Jesosy. Eny, ny fitiavana dia vokatry ny fiainana niainana ho an'i Jesosy sy niainana tao amin'i Jesosy. Ary, raha sanatria misy mihevitra ny fitiavana ho fihetseham-po sy fientanana tsy azo antoka, ny Apôstôly Paoly dia tsy namela fisalasalana ny amin'izay tiany holazaina rehefa nilaza izy hoe: «Ny ***fitiavana*** mahari-po sady mora fanahy; ny fitiavana tsy mialona, tsy mirehareha, tsy miebœbo." (1 Kor 13: 4). Mikasika ny hevitra hoe hamokatra ny vokatry ny fitiavana dia nilaza i Ellen White hoe: «Ny fankatoavana ny teny dia mamokatra ny voa tena ilaina – 'ny fitiavana tsy mihatsaravelatsihy eo amin'ny mpirahalahy.' Teraka avy any an-danitra io fitiavana io ary mitarika amin'ny hery manosika ambony sy asa tsy misy fitiavan-tena.» (Acts of the Apostles, p. 519)

Ny tena marina dia, ny tantsaha dia afaka miasa tany, manisy zezika ary mikarakara – fa na ny fahombiazan'ny fambolena amin'ny famokarana voankazo aza dia mbola vokatry ny fanomezana fiainana nomen'Andriamanitra. Toy izany koa, amin'ny alàlan'ny sorona nataon'i Kristy maimaim-poana no ahafahan'ireo miaina araka ny Fanahiny manantena ny hamoa ny vokatry ny Fanahy. Izany, mazava ho azy dia midika hoe manam-paharetana, tsara fanahy, malemy fanahy ary mahatoky amin'ny fifandraisantsika rehetra; indrindra eo amin'ny fifandraisan'ny mpianakavy.

Mamporisika anao izahay anio mba handray ny vokatry ny fitiavana. Na izany aza, rehefa tonga ny andro vaovao, mandraisa vokatra iray isan'andro izay mikoriana avy amin'ny fitiavan'Andriamanitra – fitsipika fototra amin'ny fiainanao – ary amin'ny fanaovana izany dia ho zary fitahiana amin'ny fanambadianao, ao an-tokantranonao, ary amin'ny fifandraisana rehetra hatrehinao mandra-piavin'i Jesosy indray izany.

***VAVAKA:***

*Ray malala any an-danitra ô, misaotra Anao noho ny fitiavanao sarobidy izay mandrakotra anay mandrakariva. Ampio izahay ankehitriny hifankatia araka izany fitiavana izany. Amin'ny anaran'i Jesosy, amena.*




## HETSIKA MAMOKATRA *FITIAVANA*

**Ny ilainao:**

- Taratasy lehibe ho an'ny olona tsirairay,
- Pensilihazo, Pensilihazo miloko, marqueurs, sns.

**Toromarika:**

- Omeo taratasy iray lehibe ny tsirairay ao amin'ny fianakavianao ary angataho izy ireo hanao sarina fo lehibe eo amin'ilay taratasy.
- Angataho izy ireo hanoratra ao anatin'ilay fo zavatra miisa folo izay nataon'ny hafa ka nahatonga azy ireo hahatsapa fa tiana manokana.
- Rehefa vitan'izy ireo ny nanoratra ireo zavatra folo izay nahatonga azy ireo hahatsapa fa tena tiana dia mangataha azy ireo:
- Hanao faribolana mena manodidina ny fotoana nilazan'ny olona iray na nanoratany zavatra am-pitiavana.
- Hanao faribolana maitso manodidina ny fotoana izay nanaovan'ny olona zavatra nanampiana azy ireo.
- Hanao faribolana manga manodidina ny fotoana nanehoan'ny olona fitiavana azy ireo, toy ny famihinana (câlin).
- Hanao faribolana mavo manodidina ny fotoana nanomezan'ny olona fanomezana kely azy ireo.
- Hanao faribolana volomparasy manodidina ny fotoana lanin'ny olona iray niaraka tamin'izy ireo, ka nanaovany zavatra tiany.
- Hijery ireo loko eo amin'ny fon'izy ireo avy. Inona no nianaranao momba ny fomba manokana izay tianao itiavanao anao?
- Miomana hanao zavatra am-pitiavana ho an'ny olona tsirairay avy ao amin'ny fianakavianao amin'ity herinandro ity, miainga avy amin'ny fomba tian'izy ireo indrindra itiavana azy ireo.



## HETSIKA MIFANDRAY AMIN'NY *ANDININY AO AMIN'NY BAIBOLY*

**Ny ilainao:**

- Taratasy na "papier cartonné" miloko samihafa raha tianao
- Sary fo hatao modely iray azo faritana manodidina – aforeto ilay taratasy ary tapaho ny antsasaky ny fo izay miforitra eo afovoany – sokafy ary jereo ny endriky ny fo, aforeto indray mandeha ary tapaho raha ilaina izany
- Hety
- Pensily sy fitaovana fandokoana
- Fandavahana (Perforatrice) (na manapaka ireo fo fa tsy mandavaka)
- Kofehy matevina (fil), tady manifinify (ficelle), "ruban," sns.

**Toromarika:**

- Manapaha fo iray avy ho an'ny teny tsirairay hita ao amin'ny andininy amin'ny Baiboly, miampy iray hafa ho an'ny toko sy andininy.
- Manaova lavaka amin'ny lafiny ro amin'ny fo tsirairay, manakaiky ny tampony, ka hatao amin'ny toerana iray sady mitovy endrika, mba ho azo ahantona amin'ny kofehy matevina, tady manifinify na "ruban."
- Soraty amin'ny sarina fo hafa ny teny tsirairay ao amin'ny andininy ary haingoy ireo fo ireo raha tianao.
- Hafangaroy ireo fo ary alamino indray araka ny filaharany ahazoana ny andininy.

## *FANONTANIANA* NATAO HO DINIHINA MIARAKA

- Ny fifankatiavana dia vokatry ny Fanahy satria ...
- Naneho fitiavana i Jesosy rehefa ...
- Ireo olona hafa ao amin'ny Baiboly izay naneho fitiavana dia ...
- Tena sarotra amiko ny manao zavatra amin'ny fomba feno fitiavana rehefa ...
- Ny zavatra manampy ahy ho be fitiavana amin'ny hafa dia ...
- Ny fotoana iray nanehoako fitiavana tamin'ity herinandro ity dia ...
- Ny fotoana iray nanehoan'olona fitiavana tamiko tamin'ity herinandro ity dia ...
- Afaka mifanampy ho be fitiavana kokoa isika amin'ny alàlan'ny ...



# FIFALIANA:

## VOKATRY NY FITIAVANA

*"Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononam-po; tsy misy lalàna manohitra izany."*
Galatiana 5:22, 23

Handeha hianarantsika ny momba ny voankazo iray hita eto amin'izao tontolo izao:

**KIWI**

Ny kiwi dia manana hoditra volontsôkôlà miendrika atody. Ny kiwi dia azo hanina manta, hatao ranom-boankazo, hanampiana amin'ny fanamboarana mofo, na ampiasaina hanampiana tsiro sy handravahana sakafo. Ny kiwi dia hita naniry voalohany tany Chine. Tamin'ny fiandohan'ny taonjato faharoapolo dia nitondra ny voankazo tany amin'ny nosy Nouvelle-Zélande ireo misiônera, izay nahazoany ny anarana hoe «kiwi» avy tamin'ny anaran'ny vorona kely tsy afaka manidina hita ao amin'io nosy io.

Na dia avy any Chine sy Nouvelle-Zélande aza ny kiwi, dia azo ambolena amin'ny toerana rehetra izay manana toetrandro mafana hatrany izy. Tian'izy ireny ny tara-masoandro ary maniry tsara kokoa amin'ny taratra masoandro izy. Ny fihinana kiwi adiny iray alohan'ny hatory dia hanampy anao hahazo torimaso haingana kokoa, hatory tsara kokoa ary hahatsiaro fialan-tsasatra tsara kokoa rehefa mifoha maraina.

## NY VOANKAZO ARA-PANAHY ANIO DIA

# FIFALIANA

Galatiana 5:22 sy 23 dia milaza manao hoe: "Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana, ***fifaliana***, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononam-po; tsy misy lalàna manohitra izany."

Akimpio ny masonao ary mieritrereta fotoana iray izay nisy zavatra nahatonga fifaliana taminao. Angamba ilay fotoana nihaonanao tamin'ny havan-tianao izay efa tsy hita elaela na ilay fotoana nihinananao ny gilasy tena tianao indrindra na ilay fotoana nahazonao fehezana balaonina na fehezam-boninkazo tsy nampoizina kanefa tsy tsingeritaona nahaterahanao akory izany fotoana izany. Angamba nahazo fisondrotana tany am-piasana, na mety ny fotoana nahaterahana na nananganana ny zanakao? Tsapanao ve ny fihetseham-po feno fifaliana mameno ny fonao ankehitriny?

Ny Dictionary.com dia mamaritra ny fifaliana toy izao: "fihetseham-po feno fahafinaretana fatratra na fifaliana nateraky ny zavatra manokana tena tsara na nahafa-po." Ny famaritana iray hafa dia milaza toy izao: «loharano na antony iray miteraka fahafinaretana lehibe na fahasambarana, zavatra iray na olona iray tena sarobidy na tena tiana indrindra.»

Ireo famaritana ny fifaliana ireo dia tena mahafinaritra sy mahatalanjona. Na izany aza, ny mahatonga ny fifaliana azo avy amin'ny fananana an'i Jesosy ao am-ponao ho fanandramana manokana sy miavaka dia izy mitohy mihoatra ny fotoana nitrangany. Ny azo antoka, io karazana fifaliana io dia mitoetra eo amintsika na inona na inona mety hataon'ny olona iray na mety tsy hataony ho antsika. Tsy ivelambelany fotsiny io fifaliana io; fa kosa, fifaliana iray izay mitoetra eo amintsika satria feno ny Fanahin'i Kristy isika.

Izany no karazana fifaliana noresahin'i Jesosy tamin'ireo mpianatra rehefa nilaza hoe: «Izany zavatra izany dia efa nolazaiko taminareo, mba ho ao aminareo ny fifaliako, ka ho tanteraka ny fifalianareo.» (Jao 15:11). Fifaliana izay tafatoetra lalina ao anatintsika mba hahafahantsika manazava efitrano iray amin'ny fihetsika feno fifaliana. Azontsika atao ny mampifaly ny hafa eo amin'ny manodidina antsika ary ny fihetsika asehontsika dia manome fanantenana azy ireo. Na eo aza ny zava-tsarotra iainantsika, ny fiainantsika dia feno fifaliana ary afaka ny hiabo sy ho feno fankaherezana ho an'ny tenantsika sy ho an'ny hafa.

Fikarohana marobe ankehitriny no mampiseho fa mampihena ny fanaintainana ny fihomehezana sy ny fihetseham-po tsara ary afaka mampihena ny fanahiana. Ny manam-pahaizana momba ny fahasalamana ara-tsaina dia milaza fa raha mahatsiaro rari-tsaina ianao, ny fanokananao fotoana kely hanaovana hetsika mampifaly sy mahafinaritra dia hanatsara ny fahaizanao mitsambikina miala avy amin'ny adin-tsaina, miady amin'ny aretina, mamaha olana ary mandinika am-piheverana. Hoy i Solomona, ilay lehilahy hendry hoe: «Ny fo ravoravo mahasalama tsara; fa ny fanahy kivy mahamaina ny taolana.» (Ohabolana 17:22).

I Ellen White dia mizara toro-hevitra araka an 'Andriamanitra momba ny fomba hampivelarana sy hitazonana toetra feno fifaliana fony izy nilaza hoe: "Mety ho tsotsotra ny ao an-trano, kanefa afaka ny ho toerana itenenana teny mampifalifaly sy hanaovana asa soa, izay hivahinianan'ny fahalalam-pomba sy ny fitiavana... Na aiza na aiza no hampitoerana ny fitiavana an'Andriamanitra ao am-po dia hisy fiadanam-po, hisy hazavana sy fifaliana." (The Adventist Home, pp. 18, 19).

Raiso ny safidy handray ny vokatry ny fifaliana eo anivon'ny fianakavianao anio. Mihirà hiram-pifaliana ary manaova fotoam-pivavahana fiankohofana hamelana ny Fanahin'Andriamanitra hameno ny fonao amin'ny fifaliany mandrakizay, izay hanampy amin'ny famoronana toerana iray izay tian'ny anjely onenana.

**VAVAKA:**

*Andriamanitra ô, mahafinaritra tokoa ny mahafantatra fa miahy anay Ianao. Mampitombo ny fifalianay izany! Ampio izahay hankasitraka ireo fitahiana omenao anay isan'andro ary hahita fifaliana amin'ny toe-javatra rehetra. Amin'ny anaran'i Jesosy, amena.*

## HETSIKA MAMOKATRA VOKATRY NY *FIFALIANA*

**Ny ilainao:**

- Taratasy na fitaovana fanaovana sary (tsy voatery)

**Toromarika:**

- Amporisiho ny tsirairay ao amin'ny gropy misy anao na ny fianakavianao hieritreritra fotoana iray izay nahatsapany fifaliana.
- Avy eo dia angataho ny tsirairay avy hanao baiko moana (manao fihetsika fa tsy miteny) ny fotoana izay nahatsapany fifaliana ary ny sisa amin'ny fianakaviana kosa dia haminavina izany.
- Ankafizo miaraka ity hetsika mafinaritra ity
- Raha tsy izany, ny tsirairay avy dia afaka manoratra na manao sary izay manampy azy ireo hahatsapa fifaliana.
- Resaho ireo zavatra nahafaly indrindra niseho tamin'ny herinandro lasa ary misaora an'Andriamanitra noho izy ireny.

## FANONTANIANA
### NATAO HO DINIHINA MIARAKA

- Ny fifaliana dia vokatry ny Fanahy satria ...
- Naneho fifaliana i Jesosy rehefa ...
- Ireo olona hafa ao amin'ny Baiboly izay naneho fifaliana dia ...
- Rehefa malahelo aho dia tena manampy ahy ny hafa rehefa ...
- Ny zavatra hafa izay miteraka fifaliana ho ahy dia ...
- Faly aho tamin'ity herinandro ity rehefa ...
- Afaka mahatsapa fifaliana bebe kokoa miaraka fianakaviantsika isika amin'ny alàlan'ny ...
- Afaka mizara fifaliana amin'ny hafa isika amin'ny alalan'ny...
- Mivavaha: Misaotra Anao Andriamanitra ô, fa nahatsapa fifaliana izahay tamin'ity herinandro ity rehefa ...

### HETSIKA MIFANDRAY AMIN'NY
## *ANDININY AO AMIN'NY BAIBOLY*

**Ny ilainao:**

- Baolina malemilemy, balaonina, na zavatra hafa malefaka sy maivana izay azo hapasipasy
- Balaonina mafy - balaonina mavo misy sarina tarehy mitsiky raha mahita ianao (na manapaha sarina balaonina amin'ny taratasy na baoritra)
- "Marqueurs permanents" raha mampiasa balaonina ianao, na penina hafa raha manoratra eo amin'ny baoritra na taratasy ianao

**Toromarika:**

- Hianaro miaraka ny andininy ao amin'ny Baiboly. Na miaraha-mihira izany.
- Avy eo mijoroa ao anaty faribolana miaraka amin'ny baolina na balaonina. Ilay olona mitazona ny baolina dia milaza ny teny voalohany amin'ilay andininy, ary avy eo manipy ny baolina any amin'ny olon-kafa. Ilay olona mandray ny baolina dia milaza ny teny faharoa ao amin'ilay andininy, alohan'ny hanipazany azy amin'ny olona hafa izay milaza ny teny fahatelo, sns.
- Tohizo izany mandra-pahatapitry ny andininy sy ny toko misy azy. Avereno ilay hetsika ary ezaho vitaina haingana kokoa isaky ny mandeha.
- Avy eo tadiavo ao anaty Baibolinao ireo andininy hafa momba ny fifaliana. Mampiasà "marqueurs permanents" hanoratanao ireo andininy momba ny fifaliana ireo amin'ny balaonina, ary ahantony ao an-tranonao.
- Na soraty eo amin'ny sarina balaonina notapahinao ireo andininy mikasika ny fifaliana





# FIADANANA:

**VOKATRY NY FITIAVANA**

*"Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononam-po; tsy misy lalàna manohitra izany."*
Galatiana 5:22, 23

Handeha hianarantsika ny momba ny voankazo iray hita eto amin'izao tontolo izao:

**CANNEBERGE (KARAZANA GOAVITSINAHY)**

Ny anarana canneberge dia ampiasaina hilazana ireo voa menamena vokarin'ny zava-maniry samihafa. Ny canneberge manta dia henjana, marikivy ary mangidy. 95% eo ho eo amin'ny canneberge no hahodina ary ampiasaina hanamboarana ranom-boankazo sy saosy. Ny canneberge dia be mpampiasa ho fampiroboroboana ny fahasalamana amin'ny ankapobeny. Tena mahasoa ny maso tokoa izy ireny. Amidy maina sy hatao kaofitiora ihany koa izy ireny. Ny canneberge dia maniry betsaka sady be mpihinana any Canada, Etazonia ary Eropa. Ny canneberge vokarina any Eropa dia kely kokoa noho ireo vokarina any Amerika Avaratra.

Ny saosy canneberge dia taharo netim-paharazana ampiasaina mandritra ny fotoana fisakafoanana amin'ny fety any Angletera, Etazonia ary Canada, indrindra mandritra ny fiaraha-misakafo amin'ny Thanksgiving any Etazonia sy Canada.

### *NY VOANKAZO ARA-PANAHY ANIO DIA*

# *FIADANANA*

Ao amin'ny Galatiana 5:22 sy 23, ny Apostoly Paoly dia milaza manao hoe: "Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononam-po; tsy misy lalàna manohitra izany."

Zava-dehibe ny fahafantarana fa iray ihany ny vokatra dia: ny fitiavana. Ireo toetra tsara hafa rehetra voatanisa ao amin'ny lahatsoratra dia ampahany amin'ny vokatry ny fitiavana. Ny toetran'ny fitiavana anio dia ny fiadanana, izay toy ny fitiavana dia hita fa tsy mitovy amin'ny filan'ny nofo toy ny «fandrafiana, fifandirana, adi-lahy, fiafonafonana, fifampiandaniana, fisarahana, fitokoana» (and. 20). Ny azo antoka, ny fahasamihafana misy eo amin'ny fiadanana sy ny lisitry ny asa ratsy dia tsy ho miharihary mihoatra noho izany. Tena avy amin'ny loharano samihafa izy ireo ary mitondra ho amin'ny fiafarana samihafa.

Ny olana nosoratan'i Paoly mikasika ny fiangonan'ny Galatiana dia mbola olana iray mbola iadiantsika hatramin'izao: ny fampisarahana ny asa sy ny finoana. Amin'ny lafiny iray, ny fiheverana fa afaka miaina fiainana tsara isika raha miezaka fatratra, na ny fahatakarana fa afaka miaina fiainana manana fahafahana isika dia tsy ho tanteraka mihintsy afa-tsy noho ny fiasan'Andriamanitra ao anatintsika amin'ny alalan'ny Fanahiny. Ny marina dia, ny fiankinantsika amin'ny herintsika manokana dia hitarika ho amin'ny asan'ny nofo fotsiny, fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia famantarana fa mitoetra ao anatintsika i Kristy. Ity porofo ity dia miseho amin'ny fiadanana ananantsika.

Ao amin'ny Romana 12:18 dia mampahatsiahy antsika i Paoly hoe: «Raha azo atao, dia ataovy izay hihavananareo amin'ny olona rehetra.» Ity andalana ity dia maneho ny Apostoly Paoly miresaka momba ny maha-zava-dehibe ny fitiavana na dia iharam-pahoriana aza ny olona iray. Raha ny marina, eo amin'ny andininy mialoha izany (and. 17) dia lazainy amintsika hoe manao ahoana ny olon'Andriamanitra – ireo izay feno ny Fanahiny: «Aza mamaly ratsy na amin'iza na amin'iza. Miomàna hanao izay mahamendrika eo imason'ny olona rehetra." Mazava ho azy fa tafiditra ao anatin'izany ny fomba fihetsika tokony hasehontsika ny tsirairay avy ao amin'ny ankohonantsika; na ny vady lehilahy na ny vady vehivavy, ny ray na ny reny, ny zanakavavy na ny zanakalahy, ny rahavavy na ny anadahy, nenitoa na dadatoa, ny zanak'olo-mpiray tam-po na raibe sy renibe; na olona hafa ifandraisantsika.

Mampiseho mazava tsara ihany koa i Paoly fa misy ny tsy fitoviana amin'ny fitondratenan'ny olona tarihin'ny filan'ny nofo sy ireo izay fehezin'ny Fanahin'Andriamanitra. Raha tokony ho fandrafiana, fahatezerana ary fisarahana no hita, ny olona izay feno ny Fanahin'Andriamanitra kosa dia hamokatra ny vokatry ny fitiavana miseho amin'ny fanahin'ny fiadanana.

Mba ahatonga ny vokatry ny fiadanana ho hita miharihary eo amin'ny fiainantsika isan'andro dia manoro hevitra antsika i Ellen White ao amin'ny boky Counsels for the Church (Toro-làlana ho an'ny Fiangonana) manao hoe: «Mila ny batisan'ny fitiavana isan'andro ianao, izay tamin'ny andron'ny apôstôly dia nahatonga azy rehetra hiray saina... Ataovy manodidina ny tenanao ny rivo-piainana hanamafy fiainana ara-panahy. Mambole finoana, fanantenana, herim-po ary fitiavana. Avelao hanjaka ao am-ponao ny fiadanan'Andriamanitra " (Counsels for the Church, p. 175).

Ity karazana fiadanana ity dia tsy tanteraka afa-tsy noho ny fahafenoan'ny Fanahin'Andriamanitra. Koa mamporisika anao izahay anio mba handray ny vokatry ny fiadanana, tsy amin'ny zava-tsarotra atrehinao ihany, fa amin'ny fifandraisana feno fiadanana amin'ny olona rehetra ao amin'ny fianakavianao sy ireo hafa izay mifandray aminao.

**_VAVAKA:_**

*Ray malala any an-danitra ô, mangataka ny fiadanana avy Aminao izahay hameno anay anio. Ampio izahay hahatsapa ny fanatrehanao sy ny fiadananao ao an-tokantranonay. Enga anie izahay hahita fiadanam-po amin'ny toe-javatra sy ny tranga rehetra satria miankina Aminao mandrakariva. Amin'ny anaran'i Jesosy, amena.*

## HETSIKA MAMOKATRA **FIADANANA**

**Ny ilainao:**

- **Lamba lehibe iray, toy ny lambam-pandriana na lamban-databatra efa tonta, hanehoana rano**
- **Baolina malemilemy iray, spaonjy na zavatra maivana tsy mety vaky**

**Toromarika:**

- **Vakio ny tantaran'i Jesosy nampitsahatra ny tafio-drivotra ao amin'ny Lioka 8:22-25.**
- **Asao ny olona tsirairay ao an-trano hihazona ilay lamba, ary alaivo sary an-tsaina hoe ny farihin'i Galilia izany.**
- **Mizara mampilamina sy mampitony tsara ilay farihy lamba, avy eo mampanonja be azy, amin'ny fanaovana riaka goavambe ao anaty lamba, ary avy eo dia mampitony indray ny farihy amin'ny fisintomana mafy ilay lamba.**
- **Alatsaho eo afovoan'ilay farihy lamba ny baolina na spaonjy ary mody hevero hoe io ilay sambo nisy an'i Jesosy sy ireo mpianatra.**
- **Avy eo dia angataho ny iray amin'ireo ankizy hitantara ny tantaran'i Jesosy nampitony ny tafio-drivotra. Ataovy mihodikodina ny lamba mba hanaovana onja mahery, ary avy eo sintony mafy indray ilay lamba hampitony ny farihy rehefa nandidy ny onja i Jesosy mba hilamina sy hitony.**
- **Miaraha manontany tena hoe: Inona no tsapan'ny mpianatra mialohan'ny tafio-drivotra, nandritra ny tafio-drivotra, ary avy eo rehefa nampitony ny rivotra sy ny onja i Jesosy? Araka ny hevitrao, inona no tsapan'i Jesosy talohan'ny tafio-drivotra, nandritra ny tafio-drivotra ary taorian'izany? Inona no tena tian'ny tsirairay avy aminareo ao amin'ity tantara ity? Inona no hafatra manan-danja indrindra ao amin'io tantara io ho an'ny tsirairay avy aminareo? Inona amin'ity tantara ity no manampy antsika hahazo tsara ny mikasika ny fiadanana?**
- **Azo hatao ihany koa ity: fenoy rano eo amin'ny antsasany ny tavoahangy plastika iray. Tentena loko manga amin'ny fandokoana sakafo (colorant alimentaire), ranomainty, na loko izany. Asio bosoa na tapa-kazo kely ao anaty tavoahangy hanaovana sambo. Sarony ny tavoahangy, apetraho mitsivalana amin'ny sisiny, ary ampiasao ity tavoahangy ity hanehoana ny rano milamina, ny ranomasina misamboaravoara, ary ny fiadanana aorian'ny tafio-drivotra.**

## HETSIKA MIFANDRAY AMIN'NY **ANDININY AO AMIN'NY BAIBOLY**

**Ny ilainao:**

- Baoritra, "papier aquarelle" na taratasy matevina
- Pensilihazo fandokoana na kojakoja fanaovana hosodoko (loko, borosy, rano, sns.)
- Na mitadiava sarina tranga milamina ao anaty gazety na kalandrie.

**Toromarika:**

- Hetezo, na manamboara amin'ny fitaovanao hananana tranga iray milamina, angamba mety miaraka amin'ny rano, voninkazo ary hazo izany.
- Ampiasao ilay sary netezana na ny sary nataonao ho lasa lafika ary soraty eo amin'ny sary ilay andininy ao amin'ny Baiboly hampahatsiahivana anao ny fiadanana avy amin'Andriamanitra.
- Apetaho eo amin'ny toerana izay hahitan'ny fianakavianao azy matetika ny sary nasiana ilay andininy na omeo olona iray izay mila manandrana ny fiadanana avy amin'Andriamanitra.

## **FANONTANIANA** NATAO HO DINIHINA MIARAKA

- Ny fiadanana dia vokatry ny Fanahy satria ...
- Nanampy ny olona hanandrana fiadanana i Jesosy tamin'ny alalan'ny...
- Ireo olona hafa amin'ny Baiboly izay mpitondra fiadanana dia ...
- Ny zavatra sasany mahatonga ahy hahatsiaro fiadanana dia ...
- Sarotra amiko ny mahatsapa fiadanana rehefa ...
- Mpitondra fiadanana aho (nampijanona fifamaliana) tamin'ity herinandro ity rehefa ...
- Nanandrana fiadanana aho tamin'ny toe-javatra sarotra tamin'ity herinandro ity rehefa ...
- Azontsika hatao ny manandrana fiadanana bebe kokoa eo anivon'ny fianakaviana amin'ny alalan'ny...
- Mivavaha: Misaotra Anao Andriamanitra ô, fa nanandrana fiadanana izahay tamin'ity herinandro ity rehefa ...



# FAHARI-PO:

**VOKATRY NY FITIAVANA**

*"Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononam-po; tsy misy lalàna manohitra izany."*
Galatiana 5:22, 23

Handeha hianarantsika ny momba ny voankazo iray hita eto amin'izao tontolo izao:

**AVIAVY**

Ny aviavy dia manana hoditra ivelany miloko volomparasy ary ny nofony dia miloko mavomavokely-fotsy izay mahasarika ny maso. Izy io dia manana endrika toy ny poara na vogan-dranomaso, fa ny tsirony dia tsy ilana fitomaniana. Mifanohitra amin'izany kosa, ny nofony dia mazava mamirapiratra sady be ranony, ary manana tsiro mamy mangidy ary fangaro miraikidraikitra izay tena mahatsara azy tokoa!

Raha maniry hahita aviavy be dia be sady ny tsara tsiro indrindra ianao dia mandehana any Turquie, Egypte, Grèce, na Maroc. Ny aviavy vaovao na namainina dia samy misy vitamina b-complex be dia be. Azo ampiasaina hanaovana fanafody sy tsindrin-tsakafo izy ireny.

### NY VOANKAZO ARA-PANAHY ANIO DIA

# FAHARI-PO

Paoly dia manoratra ao amin'ny Galatiana 5:22 sy 23 manao hoe: "Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, ***fahari-po***, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononam-po; tsy misy lalàna manohitra izany."

Ny Dictionary.com dia mamaritra ny fahari-po toy izao: "toetra manapaharetana, finiavana hiaritra fiantsiana, fanakorontanana, fahavoazana na fanaintainana ka manalavitra fimenomenonana, fahatezerana, fahasosorana, sy ny toy izany."

Oay! Tena ho zava-dehibe tokoa raha toa ny tsirairay avy amintsika ka afaka miaina ny fiainantsika ao anatin'izany fefy atolotry ny famaritana ny fahari-po izany. Hevero anie izany e. Ny fifandraisana misy eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy vadiny, na ny vady vehivavy sy ny lehilahy vadiny dia hiova tanteraka raha toa ka tsy misy fimenomenonana, fahatezerana na fahasosorana amin'ny zavatra rehetra tokony hampilamina azy ireo fotsiny. Eny, amin'ny lafiny iray dia hisy fiadanana lehibe kokoa ao an-tokantranontsika. Ny zanantsika dia hanana fifaliana sy fitahiana amin'ny fitomboana ao anaty tontolo tsy misy fihenjanana sy tebiteby. Tsy ho zava-dehibe ve izany?
Alaivo sary an-tsaina, raha tokony ho ray aman-dreny mikikiaka sy mitabataba amin'ny zanany noho izy ireo efa tara kely ny Sabata maraina no mamela fotsiny ny Fanahin'Andriamanitra mamy hanome azy ireo fahari-po hamaly am-pitoniana sy am-pilaminana fa tsy ho sosotra na hikorontana dia tsy ho rava ny maha-zava-dehibe ny Sabata? Fantatsika fa zava-dehibe ny fahatongavana ara-potoana any am-piangonana, kanefa ny fahatongavana ara-potoana dia tsy ho zava-dehibe kokoa noho ny fanehoana ny Fanahin'i Jesosy ao an-tokantranontsika.

Eny, ity vokatry ny fitiavana antsoina hoe fahari-po ity dia zava-dehibe tena ilana vavaka mandritra ny Herinandro Fiaraha-mivavaka Iarahan'ny Mpianakavy. Na dia mety misy mieritreritra aza fa tsy azo tanterahina ny fampivelarana ity karazana faharetana ity – raha ny zava-misy ao amin'ny fianakaviany ankehitriny no jerena – dia maika izahay hampahatsiahy anao izay lazain'i Jesosy momba an'io karazana fisainana io: «Raha amin'ny olona, dia zavatra tsy hainy izany; fa tsy mba tahaka izany amin'Andriamanitra;» Hoy Jesosy hoe: «fa ny zavatra rehetra dia hain'Andriamanitra.» (Marka 10:27).

Ny marina dia, rehefa miaiky isika fa tsy manana ny fahaiza-manao na ny hery entina hamaly amin'ny fahari-po ireo toe-javatra sarotra ao amin'ny fianakaviana dia eo indrindra no fotoana ahafahan'Andriamanitra manatanteraka izay tsy haintsika eo amin'ny toerantsika. Mila miantso an'i Jesosy fotsiny isika, dia hameno antsika ny Fanahiny Izy ary hamokatra ny vokatra tsaran'ny fahari-po eo amin'ny fiainantsika. Rehefa izany, ny fifandraisan'ny mpianakavy sy ny fifandraisana hafa rehetra dia hanana ny hery ahafahana miova noho ny fisian'ny Fanahin'Andriamanitra mitoetra eo amin'ny fiainantsika isan'andro.

Ny toro-hevitra omen'i Ellen White momba ny fahari-po dia toy izao: «Raha teny tsy misy fahari-po no hatao aminao dia aza mamaly araka izany fomba izany» (Gospel Workers, p. 475). Mampahatsiahy antsika ihany koa ny toro-hevitra feno fahendrena ao amin'ny Soratra Masina hoe: «Ny famaliana mora dia mampianina ny fahatezerana mafy; Fa ny teny maharary mahatonga fahasosorana." (Ohabolana 15:1).

Mivavaka izahay mba hamelanao ny Fanahin'Andriamanitra hanampy anao hampitombo fahari-po bebe kokoa amin'ny valinteny ataonao amin'ny tsirairay avy ao amin'ny fianakavianao sy amin'ny hafa. Ka na inona na inona fahasarotan'ny toe-javatra misy dia hisafidy ianao ny «handeha araka ny Fanahy» (and. 16) fa tsy hanaram-po amin'ny «asan'ny nofo» (and 19). Izany dia hiantoka ny fifandraisana eo anivon'ny ankohonanao, sy ny fifandraisanao amin'ny olon-drehetra, ka ho feno ny fitiavan'Andriamanitra ary hitondra fitahiana lehibe kokoa ho an'ny ao an-tonkatranonao sy ny fiangonana isan'andro. Noho izany, raiso ny vokatry ny fahari-po anio.

***PRIONS :***

*Ray malala any an-danitra ô, mangataka Aminao izahay hanome anay fahari-po anio. Ampio izahay hanana fahari-po isan'andro ao an-tokantranonay. Ary enga anie izahay hanana fahari-po amin'ny olona rehetra mifanerasera aminay anio. Amin'ny anaran'i Jesosy, amena.*

## HETSIKA MAMOKATRA **FAHARI-PO**

**Ny Fanambin'ny Fisokiranify (cure-dents)**

- **Antontana fisokiranify: Apetraho eo ambony latabatra ny tavoahangy. Mampiasà bôkala misy vavany malalaka kokoa raha misy ankizy kely ao aminareo. Omeo fisokiranify 12 ny olona tsirairay (na mampiasà tsaramaso maina na vato kely raha tsy manana fisokiranify ianao). Mifandimbiasa mametraka fisokiranify mifanaingina tsy milatsaka eo amin'ny vavan'ny tavoahangy. Raha misy fisokiranify latsaka avy eo amin'ny tavoahangy mandritra ny anjaranao dia manampy ny antontana fisokiranifinao izany. Jereo hoe iza no afaka mametraka soa aman-tsara voalohany ny fisokiranify rehetra eo amin'ny vavan'ny tavoahangy/bôkala.**
- **Mandatsaka fisokiranify: Atsangano eo ambonin'ny latabatra tokony ho 40 sm eo ho eo miala ny sisiny ny tavoahangy. Omeo fisokiranify 12 avy ny olona tsirairay. Mifandimbiasa mipetraka eo ambony latabatra manoloana ilay tavoahangy. Tazomy ny fisokiranify tokony ho 8-10 sm eo ambonin'ny vavan'ny tavoahangy ary ezaho alatsaka ao anaty tavoahangy ny fisokiranify. Raha latsaka eo ambony latabatra izany dia tazominao ny fisokiranify, ary anjaran'ny olona manaraka indray. Mampiasà bôkala lehibe kokoa ho an'ny ankizy kely, mba ho mora amin'izy ireo ny zavatra hatao.**

**Hetsika hafa mifandray amin'ny fahari-po:**

- **Azonareo hatao ihany koa ny manao ny iray amin'ireto hetsika ireto: manamboatra "puzzle," manamboatra kitapona fitaovana fanorenana, mamboly voan-javatra vitsivitsy, manangana tilikambo amin'ny fampiasana antontana karatra fampahafantarana, sns.**



## HETSIKA MIFANDRAY AMIN'NY **ANDININY AO AMIN'NY BAIBOLY**

**Ny ilainao:**
- Hety, gazety na gazetiboky, lakaoly ary taratasy.

**Toromarika:**
- Mila faharetana ity hetsika ity!
- Miasà samirery, na miaraka ny mpianakavy, mba hanao afisy kely ilay andininy natao ho tadidiana.
- Mitadiava litera lehibe ao anaty gazety na gazetiboky.
- Hetezo izy ireny mba hananana litera na tarehimarika mitokatokana amin'ny taratasy efajoro.
- Alamino amin'ny taratasy iray ny litera sy ny tarehimarika mba hampazava ny andininy sy ny toko misy azy, ary apetaho amin'ny lakaoly avy eo.
- Ampio sary hafa avy amin'ny gazetiboky na gazety handravahana ny afisy.
- Apetraho eo amin'ny toerana izay hampahatsiahy ny rehetra ao an-tokantranonao mba hananana fahari-po bebe kokoa – mety eo am-baravaran'ny trano fidiovana angamba, eo amin'ny varavarana fidirana na ao an-dakozia!

## **FANONTANIANA** NATAO HO DINIHINA MIARAKA

- Ny fahari-po dia vokatry ny Fanahy satria …
- Naneho fahari-po tamin'ny hafa i Jesosy rehefa …
- Ireo olona hafa amin'ny Baiboly izay nanana fahari-po dia …
- Sarotra amiko kokoa ny manana fahari-po rehefa …
- Ireo zavatra manampy ahy hanana fahari-po …
- Ny fotoana iray nananako fahari-po tamin'ity herinandro ity dia rehefa …
- Afaka mifanampy hanana fahari-po bebe kokoa isika amin'ny alàlan'ny …
- Mivavaha: Misaotra Anao Andriamanitra ô, amin'ny fanampiana anay hanana fahari-po amin'ity herinandro ity rehefa …



# FAHAMORAM-PANAHY sy FANAOVAN-TSOA:

VOKATRY NY FITIAVANA

*"Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononam-po; tsy misy lalàna manohitra izany."*
Galatiana 5:22, 23

Handeha hianarantsika ny momba ny voankazo iray hita eto amin'izao tontolo izao:

**GOAVY**

Ny goavy dia manana hoditra somary matevina, maitso na mavo ary mavokely ny ao anatiny. Mampiavaka azy ny taharo mamy sady be voaniny. Fantatra ho voankazon'ny tany mafana izay niainga avy any Amerika Latina ao anatin'izany i Mexique, Amerika Afovoany, Karaiba Avaratra ary Amerika Atsimo.

Ny goavy dia misy tsiraka avo efatra heny noho ny mananasy ary vitamina C avo efatra heny noho ny voasary. Ny goavy dia manana singa betsaka antsoina hoe pectine, ary noho izany dia ampiasaina be dia be hanamboarana vatomamy sy kaofitiora. Any Amerika Atsimo dia hahita goavy ianao mandritra ny fivoriam-pianakaviana ary matetika dia atolotry ny mpampiantrano ho aperitifa miaraka amin'ny fromazy sy ny mofomamy izany.

# FAHAMORAM-PANAHY sy FANAOVAN-TSOA

Galatiana 5:22 sy 23 dia mivaky toy izao: “Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, ***fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa***, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononam-po; tsy misy lalàna manohitra izany.”

Ny fahamoram-panahy dia toetra malala-tànana, be fiheverana ary tsara fanahy. Betsaka ny fomba hiainana ny hatsaram-panahy toy ny fanokafana varavarana, fizarana sakafo amin’ny olona noana, fanampiana olona mitondra entana mavesatra, na fizarana tsiky fotsiny.

Ao amin’ny Efesiana 4:31, 32, ny Apôstôly Paoly dia mampianatra ny votoatin’ny halemem-panahy amin’ireo mambra ny fiangonana tany Efesosy rehefa nilaza izy hoe: “Esory aminareo ny fo-lentika rehetra sy ny fahavinirana sy ny fahatezerana sy ny fitabatabana sy ny fitenenan-dratsy ary ny lolompo rehetra; ary aoka samy halemy fanahy amin’ny namany avy ianareo, ka hifampiantra sy hifamela heloka, tahaka ny namelan’Andriamanitra ny helokareo ao amin’i Kristy.”

Eto i Paoly dia miresaka amin’ireo mpino Jiosy sy Jentilisa izay samy milaza ho anisan’ny fianakavian’Andriamanitra. Araka izany dia nampahatsiahy azy ireo i Paoly fa ny fifandraisan’ny mpianakavy dia tokony ho heniky ny soatoavin’ny fanjakan’Andriamanitra. Midika ho fanesorana fahotana dimy eo amin’ny fifandraisana rehetra izany: fo-lentika, fahavinirana, fahatezerana, fitabatabana, ary fitenenan-dratsy. Tsy maintsy esorina ihany koa ny lolompo. Ary soloina hatsaram-panahy, fangorahana ary famelan-keloka ireo fihetsika maharikoriko ireo. Koa satria toy izao ny fomba fitondran-tenan’Andriamanitra amintsika – hoy hatrany i Paoly – dia tokony hifampitondra toy izany koa isika. Ireo asa ireo, ao anatin’izany ny fahamoram-panahy dia natao hampiorina ny fianakaviana sy hampivelarana ny firaisan-kina ao amin’ny tenan’i Kristy.

Jesosy dia naneho hatsaram-panahy isan’andro tamin’ny fomba feno fahasahiana sy mahery vaika tamin’ny fotoan’androny. Ny hatsaram-panahiny matetika dia nataony tamin’ny «kely indrindra tamin’ireo,» olona izay tsy nokarakaraina tsara teo amin’ny fiaraha-monina. Nanasitrana ny boka Izy, namoaka demonia tamin’ireo izay voagejan’izany, ary namahana ny olona noana.

Mikasika ilay toetra tsara fanaovan-tsoa dia midika ara-bakiteny ho toe-panahy araka an’Andriamanitra izany – mitovy amin’Andriamanitra – masina, madio ary marina. Tahaka ny fahamoram-panahy, ny fo madio dia takiana mba hanolokolo ny vokatry ny fanaovan-tsoa. Isan’andro isika dia tokony hampiseho ny fanaovan-tsoa (toe-panahy araka an ‘Andriamanitra) avy amin’i Kristy araka ny lazain’ny Salamo 23: 6 hoe: «Eny tokoa, fahasoavana sy famindram-po no hanaraka ahy amin’ny andro rehetra hiainako, dia hitœtra ao an-tranon’i Jehovah andro lava aho.» Ny fanaovan-tsoa dia fananana ny toetran’i Kristy. Mazava ho azy, ny fanaovan-tsoa dia tsy vitan’ny fanaovana asa am-pahalemem-panahy na tsara fotsiny – ny fivelomana ny fanaovan-tsoa dia tokony ho fomba fiaina mihintsy.

Raha miresaka momba ireo olona izay afaka haneho ireo toetra ireo eo amin’ny fiainany i Ellen White dia nilaza hoe: «Ireo rehetra nanjary ho olon’ny fanjakan’i Kristy, hoy Izy, dia hanome porofon’ny finoana sy ny fibebahana. Ny fahamoram-panahy, ny fahamarinana ary ny fahatokiana dia ho hita eo amin’ny fiainany… Ka ireo mpanara-dia an’i Kristy dia hanome porofon’ny hery manova avy amin’ny Fanahy Masina.” (The Desire of Ages, p. 107).

Ny fanovan’ny Fanahin’Andriamanitra no tena hevitry ny hoe Kristiana. Noho izany, anio, fidio ny hanondraka ny vokatry ny fahamoram-panahy sy ny fanaovan-tsoa ao am-ponao sy ao an-tokantranonao. Rehefa mizara tsiky na teny fampaherezana amin’ireo mambra ny fianakavianao, mpiara-monina, mpiara-miasa ary namana ianao, dia enga anie ny rehetra hahafantatra fa «mandeha araka ny Fanahy» ianao (and. 16) fa tsy miaina araka ny «filan’ny nofo» (and. 17) satria mitoetra ao anatinao ny Fanahin’Andriamanitra.

**VAVAKA :**

*Ray malala any an-danitra ô, be fitiavana Ianao, mahari-po sady mora fanahy aminay isan’andro. Ampianaro izahay hifankatia, ho mora fanahy ary hifanasoa amin’ny fotoana rehetra hananany. Amin’ny anaran’i Jesosy, amena.*

## HETSIKA MAMOKATRA FANAOVAN-TSOA

**Ny ilainao:**

- Voankazo na legioma tsara vitsivitsy sy voankazo na legioma efa ratsy vitsivitsy
- Lovia sy antsy

**Toromarika:**

- Tapaho ny voankazo sy legioma tsara sy ratsy.
- Jereo tsara izy ireo. Inona no mahasamihafa ny tsara sy ny ratsy?
- Azonao hatao mandrakariva ve ny milaza amin'ny fijerena ivelany fotsiny fa ny zavatra iray dia tsara na ratsy?
- Tianao ve ny hanandrana ireo efa ratsy ireo?
- Inona no azonao ianarana momba ny fahatsaran'ny olombelona amin'ny fijerena ireo voankazo sy legioma ireo?
- Inona no hafatra lehibe indrindra ho anao anio, raha eo am-pieritreretana ny voankazo tsara sy ratsy ianao?
- Ny vaovao tsara dia hoe, na dia tsy afaka mamadika ny voankazo ratsy ho tsara aza isika dia tena tsara mandrakariva Andriamanitra. Mamindra fo amintsika mandrakariva Izy rehefa ratsy isika, ary te hanampy antsika ho tsara, satria fantany fa ho sambatra kokoa isika rehefa manao safidy tsara sy mampitombo toetra tsara.
- Omano ho azo hanina ny voankazo tsara, ary aleveno anaty tany ny voankazo ratsy, izay hivadika ho tany tsara ary hanampy ny voly hafa hitombo.

## HETSIKA MIFANDRAY AMIN'NY ANDININY AO AMIN'NY BAIBOLY

- Aoaka hiaraha-miasa ny mpianakavy ka hamorona hetsika maneho fahamoram-panahy sy fanaovan-tsoa. Hianaro miaraka ilay hetsika ary avy eo hampianaro ny fianakaviana hafa any am-piangonana na ny mpifanolobodirindrina ny Galatiana 5:22, 23.

## HETSIKA MAMOKATRA FAHAMORAM-PANAHY

**Ny ilainao:**

- Taratasy sy penina na pensilihazo

**Toromarika:**

- Angataho ny tsirairay hanoritra ny tànany eo amin'ny taratasy.
- Soraty eo amin'ilay felatànana amin'ny sary ny fotoana nanehoan'ny olona iray fahamoram-panahy manokana taminao. Inona no nataon'izy ireo ary inona no tsapanao vokatry ny fahamoram-panahy nasehony?
- Eo amin'ny rantsan-tànana tsirairay dia manorata zavatra iray azonao hatao hanehoanao fahamoram-panahy amin'ny olon-kafa mandritra ny herinandro ho avy.
- Mifandimbiasa miresaka mikasika ny fotoana nanehoan'ny olona fahamoram-panahy manokana taminareo.
- Rehefa izany dia vakio ireo soso-kevitra momba ny fahamoram-panahy rehetra nosoratanareo teo amin'ireo tànanareo.
- Resaho ny fomba ahafahanareo miara-miasa amin'ny fanaovana ireo hetsika hanehoana fahamoram-panahy ireo.
- Fantatrao ve fa ny fahamoram-panahy amin'ny hafa dia iray amin'ireo fomba tsara indrindra hahatsapanao fahasambarana ho an'ny tenanao?
- Manaova zavatra amin'ny fahamoram-panahy ho an'ny olona iray ao amin'ny fiaraha-monina misy anao. Aoka hiaraha-miasa ny mpianakavy amin'ny fanaovana mofo, fandehanana miantsena, na manadio ny zaridainany.

## FANONTANIANA NATAO HO DINIHINA MIARAKA

- Ny heveriko ho fahamoram-panahy dia …
- Ny zavatra nanehoana fahamoram-panahy tsara indrindra nataon'ny olona ho ahy dia …
- Ny fahamoram-panahy dia zava-dehibe amin'ny fifandraisana satria …
- Ny fahamoram-panahy dia vokatry ny Fanahy satria …
- Jesosy dia tena naneho fahamoram-panahy tamin'ny hafa rehefa …
- Ny fotoana iray nanandramako naneho fahamoram-panahy tamin'ity herinandro ity dia rehefa…
- Afaka mifanampy isika mba haneho fahamoram-panahy amin'ny alalan'ny …
- Ny heveriko ho fanaovan-tsoa dia…
- Ny fanaovan-tsoa dia vokatry ny Fanahy satria …
- Nasehon'i Jesosy antsika ny fomba fanaovan-tsoa rehefa …
- Ireo olona hafa amin'ny Baiboly izay nampiseho fanaovan-tsoa dia …
- Tena sarotra amiko ny fanaovan-tsoa rehefa…
- Ireo zavatra manampy ahy amin'ny fanaovan-tsoa dia…
- Ny fotoana iray nanandramako ny hanao soa tamin'ity herinandro ity dia rehefa …
- Afaka mifanampy isika mba hanao soa amin'ny alalan'ny …
- Mivavaha: Misaotra Anao Andriamanitra ô amin'ny fanampiana anay hanana fahamoram-panahy sy hanao soa amin'ity herinandro ity …



# FAHAMARINANA:

**VOKATRY NY FITIAVANA**

*"Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononam-po; tsy misy lalàna manohitra izany."*
Galatiana 5:22, 23

Handeha hianarantsika ny momba ny voankazo iray hita eto amin'izao tontolo izao:

**MATOKE**

Ny matoke dia voankazo iray hita manerana any Afrika Atsinanana. Tafiditra ho isan'ny fianakaviamben'ny akondro izy io. Maitso ny ivelany ary fotsy ny ao anatiny. Ity voankazo matoke ity dia handrahoina amin'ny ankapobeny raha izy mbola maintso sy tsy mbola masaka iny. Handrahoina mitovy amin'ny ovy izy io. Mila halefahana sy masahina tsara izy vao hohanina. Manana tsiro masira miaro hamamiana kely izy io, izay mahatonga azy ho mpiara-dia tsara amin'ny karazan-tsakafo maromaro fihinana.

Ity voankazo ity dia hotazana raha mbola maintso ny voany, voasana moramora, avy eo handrahoina ary matetika dia totohina na potsehina ao anaty sakafo. Any Ouganda sy Rwanda, ity voankazo ity dia handrahoina amin'ny entona, ary ity sakafo nopotsehina ity dia heverina ho sakafo nasionaly amin'ireo firenena roa tonta ireo.

NY VOANKAZO ARA-PANAHY ANIO DIA

# FAHAMARINANA

Galatiana 5:22 sy 23 dia mivaky toy izao: “Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, ***fahamarinana***, fahalemem-panahy, fahononam-po; tsy misy lalàna manohitra izany.”

Ny Dictionary.com dia mamaritra ny fahamarinana ho: «tsy fivadihana mateza sy fahatokiana eo amin’ny fifandraisana, indrindra ny fanambadiana sy ny finamanana.» Eo koa, «ny zava-misy marina na ny toetra mahatoky marina amin’ny teny natao na ny fanoloran-tena, araka izay nanaovana voady, sy nambara fa inoana.» Ary, «ny zava-misy marina na toetran’ny fanoloran-tena sy fikirizana amin’ny fanatanterahana ny adidin’ny tena, fanaovana asa hanatrarana tanjona iray.»

Ity Herinandro Fiaraha-mivavaka Iarahan’ny Mpianakavy ity dia fotoana mety hanasongadinana ny fahamarinana amin’ny maha vokatry ny fitiavana azy izay tanteraka noho ny fahafenoan’ny Fanahin’Andriamanitra. Ny tena fahamarinana eo amin’ny fifandraisantsika amin’ny hafa – indrindra amin’ny fianakaviantsika – dia atosiky ny fitiavan’Andriamanitra ao anatintsika. Isaky ny mihazona ny fampanantenana nataontsika isika tsirairay avy ary mahatoky eo anivon’ny fifandraisan’ny mpianakavy dia maneho ny vokatry ny fitiavan’Andriamanitra ao am-pontsika. Isaky ny mahatoky amin’ny voadim-panambadiana isika, na ao an-tokantrano izany na any am-piasana dia mampiseho ny vokatry ny fitiavana amin’ny alalan’ny fahamarinantsika.

Raha toa ny fahamarinana ka vokatry ny fiainana iainana ao amin’ny Fanahy (and 22), ny fijangajangana, fahalotoana, fijejojejoana, (and. 19) kosa dia fanehoana ny filan’ny nofo izay miasa. Tokony hametraka amin’ny tenantsika izao fanontaniana izao isika: mahatoky toa an’i Josefa ve aho raha nalain’ny vadin’i Potifara fanahy izy? Ny valinteny nataon’i Josefa tamin’ny ezaka tsy mendrika nataon’i Ramatoa Potifara dia: «hataoko ahoana no hanao izany ratsy lehibe izany ka hanota amin’Andriamanitra?» (Gen 39: 9). Ny hoe feno ny Fanahin’Andriamanitra dia midika hoe manana solika ahafahana mandeha araka ny Fanahy amin’ny fahamarinana ary noho izany dia mijoro manohitra ny filan’ny nofo. Ireo hery roa ireo dia mifanohitra, mifanipaka ary tsy afaka miaraka. Ny iray dia avy amin’ilay Iray Izay Fahazavana, fa ny iray kosa dia avy amin’ilay andrianan’ny maizina.

Nomena safidy isika tsirairay mba handeha araka ny Fanahy (and 22, 23) na hanolo-tena amin’ny asan’ny nofo (and 19-21). Ny mandeha araka ny Fanahy dia midika fa hitondra ny vokatry ny fankatoavana isika, ary izany no hatao hoe fahamarinana.

Tamin’ny firesahana momba ny hevitry ny hoe miaina fiainam-pahamarinana dia izao no nozarain’i Ellen White ao amin’ny The Ministry of Healing (Tanamasoandron’ny Fahasalamana): «Mila fanambarana vaovao mandrakariva momba an’i Kristy isika, fanandramana iainana isan’andro izay mifanaraka amin’ireo fampianarany. Eo am-pelatànantsika ny asa ambony sy masina. Ny fandrosoana tsy tapaka amin’ny fahalalana sy ny hatsaran-toetra dia tanjon’Andriamanitra ho antsika.» (The Ministry of Healing, p. 503).

Eny, ny fahamarinana dia tena fahamarinana rehefa manohy mitombo amin’ny diantsika isan’andro miaraka amin’i Jesosy isika ary miaina fiainana mifanaraka amin’ireo fampianarany. Tsy azo tanterahina izany raha toa ka tsy feno ny Fanahin’Andriamanitra isika. Noho izany, raiso ny vokatry ny fahamarinana anio, tsy amin’ireo zavatra moramora amin’ny fifandraisan’ny mpianakavy ihany, fa indrindra amin’ireo zava-tsarotra sy mafy kokoa izay maneho fa nifidy ny hiara-mandeha amin’i Jesosy ianao.

Andriamanitra anie hitahy antsika hananantsika fahamarinana anio sy isan’andro isan’andro mandra-piverin’i Jesosy indray.

***VAVAKA :***

*Tompo malala ô, misaotra Anao noho ny fitiavanao anay ka mahatonga Anao hitoetra eo anilanay mandrakariva na inona na inona ataonay, ary na aiza na aiza alehanay. Ampio izahay hiorina tsara amin’ny fitiavana sy ny fahamarinana eo Aminao sy aminay samy izahay. Amin’ny anaran’i Jesosy, amena.*

## HETSIKA MAMOKATRA **FAHAMARINANA**

**Ny ilainao:**

- **Fitaovana hanaovana fanakanan-dàlana kely, na ao an-trano, na eo ambony karipetra, na any ivelany eo ambony bozaka malefaka.**
- **Fehi-tenda na lamba hanaovana takona-maso.**

**Toromarika:**

- **Manamboara làlana misy sakana miaraka amin'ireo entana azo antoka fa azo hivezivezena, lamba firakotra afaka handadizana ao ambany, zavatra ivaiva afaka hihanihana, sns. Ezaho asiana zavatra eo amin'ny 5-6 samihafa hifaninanana.**
- **Avy eo, tapeno ny mason'ny ankizy tsirairay avy ary asao ny olon-dehibe iray hitari-dàlana azy ireo am-pitandremana sy hiaro azy ireo amin'ireo sakana.**
- **Ny olon-dehibe dia hanao izay hahazoana antoka fa voaaro ny ankizy tsirairay, ka mihazona ny tànany, sy/na manome azy ireo toro-làlana mazava tsara mikasika ny fomba fivezivezena ao ambany sy manodidina ireo zavatra natao sakana.**
- **Rehefa voatarika soa aman-tsara niala ireo sakana rehetra ny ankizy tsirairay dia mipetraha ary resaho ny zavatra niainan'izy ireo. Naneho fahamarinana tamin'ireo ankizy ny olon-dehibe. Nanolo-tena izy ireo hiaro azy ireny ary niaraka tamin'izy ireo nandritra ny fiakarana sy fidinana tamin'ny diany, ary tsy nandao azy ireo. Amin'ny fomba ahoana no itovizan'izany amin'ny tsy fivadihan'Andriamanitra amintsika? Ahoana no ahatonga antsika ho marina amin'Andriamanitra sy amin'ny hafa, na dia sarotra aza ny fiainana?**



## HETSIKA MIFANDRAY AMIN'NY **ANDININY AO AMIN'NY BAIBOLY**

**Ny ilainao:**

- Vato lehibe, malama, marokoroko; loko, "marqueurs permanents," sns; verinia/mastika/lakaoly PVA fotsy somary natsatsoina.

**Toromarika:**

- Diovy ireo vato ary lokoy amin'ny loko hatsatra. Rehefa maina izy ireo dia mampiasà loko na "marqueurs permanents" hanoratanao ny teny tsirairay amin'ilay andininy, ary ny toko sy andininy ao amin'ny Baiboly kosa dia hatao amin'ny vato iray hafa.
- Mifandimbiasa mandamina azy ireo araka ny filaharan'ilay andininy, mandrapa-hainao azy tsara.
- Raha irinao dia azonao atao ny manisy verinia/mastika ireo vato hiarovana ny loko sy ny soratra. Azonao atao ny mametraka azy ireo ao amin'ny zaridainanao, na eo am-baravaranao, mba hampahatsiahivana ny olona hanana fahamarinana.
- Azonao atao koa ny manoratra andininy na teny mampahery avy amin'ny Baiboly amin'ny vato maro loko, nasiana vernia/nofonosina ary avelao ho hitan'ny olona iray. Na azonao atao fanomezana kely ho azy ireo izany mba hamporisihana azy ireo ho marina.

## FANONTANIANA
### NATAO HO DINIHINA MIARAKA

- Ny heveriko ho fahamarinana dia…
- Ny fahamarinana dia vokatry ny Fanahy satria …
- Nasehon'i Jesosy antsika ny fomba hijoroana ho marina rehefa …
- Ireo olona hafa ao amin'ny Baiboly izay marina tamin'Andriamanitra sy ny hafa dia…
- Tena sarotra amiko ny ho marina/tsy mivadika/mendri-pitokisana rehefa …
- Ireo zavatra nanampy ahy ho marina/tsy mivadika/mendri-pitokisana dia…
- Ny fotoana iray nanandramako ny ho marina tamin'ity herinandro ity dia rehefa…
- Afaka mifanampy isika mba ho marina amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny …
- Mivavaha: Misaotra Anao Andriamanitra ô amin'ny fanampiana anay ho marina amin'ity herinandro ity rehefa…



# FAHALEMEM-PANAHY sy FAHONONAM-PO:

## VOKATRY NY FITIAVANA

*"Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononam-po; tsy misy lalàna manohitra izany."*
Galatiana 5:22, 23

Handeha hianarantsika ny momba ny voankazo iray hita eto amin'izao tontolo izao:

**DURIAN (KARAZANA AMPALIBE)**
Any Thailand, ny durian dia heverina ho mpanjakan'ny voankazo. Izy io dia iray amin'ireo voankazo tsara fofona indrindra eto an-tany ary manana tsiro tsy manam-paharoa. Ho an'ny sasany, ny tsiron'ny durian dia toy ny fifangaroana eo anelanelan'ny atody nopotipotehina sy ny flan (tsindrin-tsakafo avy amin'ny atody noamamiana). Matetika dia lehibe izy io ary misy hodiny ivelany mafy. Ny ao anatiny dia misy nofony, toy ny "crème pâtissière" misy fofony sy voaniny lehibe. Voankazo tena be mpankafy manerana ny faritra Azia Atsimo Atsinanana izy. Ny voankazo durian dia tsy maniry afa-tsy amin'ny tany mafana. Raha sendra milatsaka amban'ny 22 ° C ny mari-pana isan'andro dia hijanona tsy hitombo izy.

Ny ankamaroan'ny olona dia hilaza fa «ratsy fofona fa tsara tsiro» izy. Ity fofona ratsy mampalaza azy ity dia tsy nanakana ny olona maro hankafy ny tsirony mahafinaritra! Heverina ho sakafo matsiro izany.

NY VOANKAZO ARA-PANAHY ANIO DIA

# FAHALEMEM-PANAHY sy FAHONONAM-PO

Galatiana 5:22 sy 23 dia mivaky toy izao: “Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, ***fahalemem-panahy, fahononam-po***; tsy misy lalàna manohitra izany.”

Ny fahalemem-panahy dia toetra manokana izay tafiditra ho isan’ireo toetra tsara hafa atosiky ny fitiavan’Andriamanitra. Ao amin’ny epistily nosoratan’i Paoly ho an’ny fiangonana tao Efesosy dia nilaza izy hoe: «amin’ny fanetren-tena rehetra sy ny ***fahalemem-panahy***, amin’ny fahari-po mifandefitra amin’ny fitiavana.» (Efes 4: 2).

Tamin’ny Jiosy sy Jentilisa nanana hevitra sy fomba amam-panao mifanohitra, no nizaran’i Paoly tamin’ireo Efesiana fa ny firaisam-po ao amin’ny fiangonany dia tsy ho tanteraka raha tsy noho ny fanatrehan’Andriamanitra. Amin’ny ankapobeny, ny mpino dia tsy maintsy heniky ny Fanahin’Andriamanitra mba ahafahany maneho ny fitiavan’Andriamanitra amin’ny alàlan’ny vokatry ny ***fahalemem-panahy***, ankoatra ireo maro hafa (isan’izany ny fahononam-po mazava ho azy).

Mitovy amin’ny fiangonana Efesiana, ny ankohonana tsirairay – na dia samy avy amin’ny foko iray ihany aza ny mpivady – dia misy tsy fitoviana hevitra sy fomba amam-panao izay matetika mifanipaka amin’ny dingan’ny fiatrehana ny fiainana andavanandro. Na izany aza, raha toa ka feno ny Fanahin ‘Andriamanitra isika dia afaka hitondra-tena amin’ny fahalemem-panahy ihany koa eo anivon’ny fianakaviantsika, fa tsy hisafaoka amin’ny fahatezerana sy ny fieboeboana.

Ary avy eo, ny ***fahononam-po*** dia manazava ny tenany ihany. Ny olona izay manana ity vokatry ny fitiavana ity dia voafaritra amin’ny fomba tsara indrindra ho olona mipetraka ao anatin’ny faribolana azony fehezina. Olona mahatsapa tena, izay mahatakatra fa ny olona tokana azony fehezina dia ny tenany ihany. Ao amin’ny fianakaviantsika dia mazàna mifantoka amin’ny fiezahana hifehy izay hataon’ny hafa isika – araka ny fomba fihevitsika – fa tsy mifantoka amin’ny fifehezana ny valintenintsika manokana noho izay ataon’ny hafa. Ny zavatra fantatsika, miorina amin’ireo tantara ao amin’ny Baiboly, ary eo ihany koa ireo voka-pikarohana ara-tsosialy dia arakaraka ny hifantohantsika bebe kokoa amin’ny fifehezana ny valinteny hataontsika – amin’ny fenehoana faharetana, hatsaram-panahy sy fahalemem-panahy – izay vokatry ny fahafenoan’ny Fanahin’Andriamanitra, dia vao mainka hiaina fiadanana sy fifaliana bebe kokoa isika eo amin’ny fifandraisantsika rehetra.

Ho famaritana ny tonkatrano izay mampiasa ny vokatry ny fahalemem-panahy sy fahononam-po dia hoy i Ellen White hoe: “Ny tokantrano tsirairay avy dia tokony ho toerana hanjakan’ny fitiavana, toerana honenan’ny anjelin’Andriamanitra, izay miasa amin’ny fitaomana manalefaka sy mifehy ny fon’ny ray aman-dreny sy ny zanaka.” (The Adventist Home, p. 18).

Noho izany antony izany, ny vavaka hataonay anio dia ny ahatonga ny tokantrano tsirairay avy ao amin’ny fiangonanan’Andriamanitra hanao fanandraman’ny Firaisam-pianakaviana lehibe kokoa, satria ny fanatrehan’ny Fanahin’Andriamanitra ireo mambra ny fianakavianao tsirairay avy dia hamokatra voan’ny fitiavana isan’andro. Ny fitiavana dia miseho amin’ny fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy sy fahononam-po eo amin’ny fifandraisantsika samy isika mandra-piavin’i Jesosy. Noho izany, raiso ny vokatry ny ***fahalemem-panahy*** sy ny ***fahononam-po*** anio!

Hitahy antsika anie Andriamanitra anio sy isan’andro vaky mba handehantsika amin’ny Fanahy miaraka amin’ny fianakaviantsika ka ho vonona amin’ny fiavian’i Jesosy Kristy Tompontsika tsy ho ela intsony isika!

***VAVAKA :***

*Ray malala any an-danitra ô, mahari-po sady mora fanahy aminay tokoa Ianao. Ampianaro izahay anio mba hanana fahalemem-panahy sy fahononam-po amin’ny toe-javatra rehetra mitranga amin’ireo fifandraisana rehetra hatrehinay. Amin’ny anaran’i Jesosy, amena.*

## HETSIKA MAMOKATRA *FAHALEMEM-PANAHY*

**Ny ilainao:**

- **Atody manta, na zavatra hafa malemy nefa azo vakiana tsara (azonao atao ny mampagotraka ny atody aloha raha ilainao hohanina izany avy eo)**
- **Harona kely plastika afaka asiana ilay atody**
- **Boaty iray, lehibe kokoa noho ilay atody**
- **Izay mety ho hitanao mba hiarovana ny atody rehefa tafiditra ao anaty boaty izy - toy ny volom-borona, lomotra, taratasy, lamba malemy, vovoa, sns.**
- **Tady kely, scotch, sns. hiarovana ilay boaty**

**Toromarika:**

- **Ataovy tsara ao anaty harona plastika ilay atody manta. Izany dia hiaro ny ao anatin'ny atody ho azo handrahoina avy eo.**
- **Miaraha miasa, amin'ny fampiasana famonosan'entana, mba hamoronana toerana azo antoka hametrahana ny atody ao anaty boaty, ary ezaho ho azo antoka tsy ho vaky ny atody raha toa ka mianjera ilay boaty.**
- **Vantany vao nofonosinao tsara ny atody, dia afatory amin'ny tady ilay boaty, na petaho scotch.**
- **Ankehitriny, apasipasio moramora ilay boaty misy ny atody miala avy amin'ny olona iray mifindra amin'ny iray hafa ao anatin'ny vondrona.**
- **Isaky ny manipy ilay boaty ianao dia milazà fomba iray hahafahanao ho malemy fanahy amin'ny hafa.**
- **Rehefa napasipasy tamin'ny mpianakavy in-2-3 ilay boaty dia avelao ny zandriny indrindra hamela ilay boaty hianjera amin'ny tany.**
- **Avelao ny zoki-olona indrindra ao amin'ilay vondrona hamaha am-pitandremana ilay boaty mba hahitana raha mbola tsy vaky ilay atody. Miaraha mifaly raha toa ilay atody ka tsy vaky! Tena nitandrina fatratra ianareo mba hiarovana ny atody!**
- **Mifanakaloza hevitra mikasika ny zavatra nianaranareo momba ny fahalemem-panahy tamin'ny fanaovana io hetsika io.**

**Hetsika azo isafidianana mifandray amin'ny fahalemem-panahy:**

- Mandania fotoana hianarana ny fomba fikarakarana zazakely, na zava-manan'aina mbola kely.
- Manaova asa tanana izay mila fikitihina malefaka.
- Mandehana manao fikarohana zavatra izay mampatsiahy anao ny fahalemem-panahy.
- Mandania fotoana kely hanehoana fahalemem-panahy amin'ny fomba samihafa amin'ny olona tsirairay avy ao amin'ny fianakavianao.
- Miaraha mitsoka balaonina avy amin'ny rano-tsavony (bulles) – malemy izy ireny ka mila tsofina moramora.
- Mianara mamaky atody moramora, tsy asiana very ny tapotsiny na vaky ny tamenany, ary avy eo dia hanamboary izay sakafo tena tianao.

## HETSIKA MIFANDRAY AMIN'NY *ANDININY AO AMIN'NY BAIBOLY*

- Ifampibitsibitsiho ilay andininy ao amin'ny Baiboly.
- Na andramo soratana any ivelany eo an-tokontany, na amin'ny rindrina, amin'ny alalan'ny fampiasana volom-borona malefaka natsoboka tao anaty rano.

## *FANONTANIANA* NATAO HO DINIHINA MIARAKA

- Ny heveriko ho fahalemem-panahy dia …
- Ny fahalemem-panahy dia vokatry ny Fanahy satria …
- Nalemy fanahy i Jesosy rehefa…
- Ireo olona hafa ao amin'ny Baiboly izay nalemy fanahy dia …
- Tena sarotra amiko ny ho malemy fanahy rehefa…
- Ireo zavatra nanampy ahy ho malemy fanahy dia…
- Ny fotoana iray nanandramako ny ho malemy fanahy tamin'ity herinandro ity dia rehefa…
- Afaka mifanampy isika mba ho malemy fanahy amin'ny alalan'ny…
- Mivavaha: Misaotra Anao Andriamanitra ô amin'ny fanampiana anay ho malemy fanahy amin'ity herinandro ity rehefa…

## HETSIKA MAMOKATRA **FAHONONAM-PO**

### TANTARAN'I NOA

**Ny ilainao:**

- Tavoahangy misy bokotra (na mampiasà voanjo, vato kely, voan-javatra azo antoka sns.)

**Toromarika:**

- Makà bokotra 5 avy
- Ampiasao mifandimbindimby izany hitantarana ny tantaran'i Noa nefa tsy mampiasa ireto teny manaraka ireto: sambo, sambofiara, rano, orana, biby, zava-manan'aina, hazo, voromailala, safodrano, tendrombohitra, olona
- Isaky ny mampiasa ny iray amin'ireo teny «voarara» ny mpitantara dia tsy maintsy averin'izy ireo ao anaty tavoahangy ny iray amin'ireo bokotra.
- Ny mpandresy dia izay olona manana bokotra betsaka indrindra rehefa samy nitantara ny tantara ny tsirairay.
- Na averimbereno ilay hetsika mandra-pahatongan'ny tsirairay avy izay mitantara ny tantara tsy mamerina bokotra intsony na dia iray aza.
- Azonao atao ny manao ity hetsika ity amin'ny tantara hafa ao amin'ny Baiboly. Miaraha miasa hisafidy ireo teny «voarara».



## HETSIKA MIFANDRAY AMIN'NY ANDININY AO AMIN'NY BAIBOLY

**Ny ilainao:**

- Taratasy, penina na pensilihazo

**Toromarika:**

- Andramo soratana ny Galatiana 5: 22,23 amin'ny fampiasana ny tànana izay tsy mpanoratra na apetraho eo anelanelan'ny rantsan-tongotrao ny penina/pensilihazo ary andramo soratana ilay andininy.
- Mila ezaka mafy ianao amin'ny fifehezana ny faritra samihafa amin'ny vatanao mba hanampy anao hanoratra!

## FANONTANIANA
### NATAO HO DINIHINA MIARAKA

- Ny fahaizana mifehy tena dia vokatry ny Fanahy satria…
- Naneho fifehezan-tena i Jesosy rehefa…
- Ireo olona hafa ao amin'ny Baiboly izay naneho fifehezan-tena dia…
- Tena sarotra amiko mifehy tena rehefa…
- Ireo zavatra nanampy ahy hahay hifehy tena kokoa dia…
- Ny fotoana iray nifehezako tena tamin'ity herinandro ity dia rehefa…
- Afaka mifanampy isika hifehy tena bebe kokoa amin'ny alalan'ny…
- Mivavaha: Misaotra Anao Andriamanitra ô amin'ny fanampiana anay hifehy tena amin'ity herinandro ity rehefa…

**Par Willie and Elaine Oliver avec l'aide de Karen Holford pour les Idées d'Activités**

Willie Oliver et Elaine Oliver sont les Responsables du Département des Ministères de la Famille
au siège mondial de la Conférence Générale des Adventistes du Septième Jour à Silver Spring, Maryland, ÉU.

Karen Holford est la Responsable du Département des Ministères de la Famille de la Division Trans-Européenne.

Assistantes à la Rédaction : Dawn Venn, Karen Miranda.

Supplément du Livret 2021
Copyright © 2021 de la Corporation de la Conférence Générale des Adventistes du Septième Jour®.

Publié par Review and Herald® Publishing Association
Imprimé aux États Unis d'Amérique
Tous droits réservés

ISBN # 978-0-8280-2878-3
JUILLET 2021



BOKY TARI-DALANA **2021**

# Miaina ny Vokatry ny Fitiavana

NATAON'I WILLIE SY ELAINE OLIVER

Adventist® Family Ministries

***DEPARTMENT OF FAMILY MINISTRIES***
***GENERAL CONFERENCE OF SEVENTH-DAY ADVENTISTS***
12501 Old Columbia Pike, Silver Spring, Maryland 20904, USA
301.680.6175 office
family@gc.adventist.org
family.adventist.org

/AdventistFamilyMinistries @WE_Oliver

ISBN 978-0-8280-2878-3